APDRA PISCICULTURE PAYSANNE

n° 56

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara | Mivoaka isaky ny telo volana | Desambra 2022

## ATSARAINA NY FAHAVELOMAN'NY ZANA-TRONDRO



Vokatry ny andrana mikasika ny famahanana zana-trondro nandritra ny taom-pamokarana 2019-2021 (P. 5-6)

**Matsiatra Ambony**

Ampifanarahana amin'ny zava-misy ny isan'ny renintrondro mba hampiakarana ny isan'ny zana-trondro vokatra (P. 4-5)

**Vakinankaratra**

### Atsaraina amin'ny alàlan'ny fitantanana ny fiompiana ny fahaveloman'ny zana-trondro (P. 3-4)

Région Nouvelle-Aquitaine | AFD | Fondation Lord Michelham of Hellingly | Financé par l'Union européenne | coopération allemande DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT | Mis en œuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH | Région Normandie

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly manolotra anareo ity laharana izay miompana amin'ny fanatsaràna ny fahaveloman'ny zana-trondro (karpa sy tilapia) ity ny ekipan'ny fanoratana ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ».

Ny famokarana zana-trondro no voalohan'asa mandrafitra ny làlam-pihariana trondro, izay iankinan'ny fifandrohizan'ny famokarana. Mitaky fahaizana ara-tekinika avo lenta kokoa sy fotodrafitrasa mifanaraka tsara amin'ny asa atao ny famokarana zana-trondro raha mitaha amin'ny fanatavizana. Ankehitriny dia tena mbola ambany ny vokatra zana-trondro ka tsy maharaka ny filàn'ny mpanatavy. Antony maro no tena mamparefo ny fahaveloman'ny zana-trondro : ny olan'ny toetr'andro (tondra-drano, haintany, fiovaovan'ny fiavian'ny orana sy ny maripana), ny ara-tekinika (tsy fahampian'ny fahaiza-manao ara-tekinika, ny tsy fahafehezana ireo fahavalo sy mpifaninana ara-tsakafo amin'ny zana-trondro, ny tsy fahampian'ny fatra sy kalitaon'ny sakafo), ny toeram-piompiana (fahateren'ny toerana itaizana ny zana-trondro, olan'ny fanajariana), ara-pandaminana (fahasarotan'ny fitaterana sy ny famarotana), ara-piarahamonina (halatra) sy ara-toekarena (tsy fisian'ny tahirim-bola fikirakira).

Avoitra ato anatin'ity laharana ity ny famokarana zana-trondro sy ireo fomba sy tekinika ataon'ireo tantsaha mpiompy trondro mba ahafahana manatsara ny fahaveloman'ny zana-trondro.

Isaoranay ianareo izay nandray anjara tamin'ny fanoratana ny vontoatin'ity laharana ity, sy ireo izay nanaiky ny hizara amin'ny mpamaky ny traikefany mikasika ny famokarana zana-trondro.

Mamakia finaritra !


**Ny ekipan'ny FMT**

# LOHAHEVITRA : Atsaraina ny fahaveloman'ny zana-trondro

## Ny famokarana zana-trondro karpa ao amin'ny faritra iasan'ny APDRA

*Ao afovoan-tany, efa hatramin'ny taona 2007 no nampiroboroboan'ny APDRA ireo tekinika famokarana zana-trondro karpa an-tanimbary fanaon'ny mpiompy trondro ao amin'ny fari-piasany ao Betafo, Vakinankaratra. Maneho ny fivoaran'ny sala-pamokarana zana-trondro teo amin'ireo tantsaha mampihatra ity fomba ity ny lahatsoratra.*

Misy fiantraikany lehibe amin'ny famokarana zana-trondro an-tanimbary ny vokatry ny toetr'andro sy ireo tranga toy ny halatra sy ny fisomparana. Ny taona 2011 hatramin'ny 2015 dia tsikaritra fa nihanitombo ny salam-pamokarana zana-trondro tany amin'ireo toeram-panafoizan'ny tantsaha. Nihena anefa io salam-pamokarana io teo anelanelan'ny taona 2015 sy 2021 ary tsy nety nahatratra ny salam-bokatra azo tamin'ireo taona tany aloha. Io fironana io no asehon'ity kisary manaraka ity.




*Fivoaran'ny salam-bokatra zana-trondro isaky ny toeram-panafoizan'ny tantsaha ao Afovoan-tany*

Ny tsy fahazoana miandalana ny rano ilaina amin'ny famokarana zana-trondro no tena anton'io fihenana io. Tato anatin'ny taona vitsivitsy dia tsapan'ireo mpamokatra zana-trondro hatrany ny tsy fisian'ny rano amin'ny fotoam-pamokarana (septambra hatramin'ny desambra) vokatry ny fahataran'ny orana. Io tsy fahampian-drano io no tsy mampanatody ny renintrondro sy mahafaty zana-trondro betsaka mandritra ny fitahirizana. Ankoatra izay, iharan'ny tondra-drano ihany koa ny famokarana mandritra ny fiantombohan'ny vanimpotoan'ny orana ka mahavery ny zana-trondro tahirizina. Ny 2018 sy 2021 dia rivo-doza roa (Ava sy Batsirai) izay nitondra oram-be tany ampiandohan'ny taona no nihatra tamin'ny faritra Afovoan-tany. Nanamafy ny vokatry ny tondra-drano ny fahasimban'ny tontolo iainana izay tsy mamela ny ranondriaka hitsika anaty nofon-tany. Ankoatra izay, nanomboka ny taona 2019, ny APDRA dia naharay tatitra momba ny halatra sy fisomparana avy amin'ny mpiompy trondro an-tanimbary ao amin'ny faritra Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Itasy, Atsinanana, Analamanga sy Vakinankaratra. Ireo tatitra ireo no nahazoana isa mikasika ny fiantraikan'ny halatra sy fisomparana amin'ny famokarana zana-trondro. Mpamokatra zana-trondro 171 araka izany no nilaza fa very ray aman-drenintrondro ny taona 2019 hatramin'ny 2021, renintrondro 629 sy raintrondro 690 no nisy nangalatra raha atotaly. Zana-trondro miisa 348 000 no voalaza fa nisy nangalatra nandritra ireo taona telo ireo.
Marihina fa mahakasika ny sokajin'ny mpamokatra rehetra, tsy miankina amin'ny lentan'ny fahaiza-manaony, io fihenan'ny salam-pamokarana io.



# LOHAHEVITRA : Atsaraina ny fahavelomanʼny zana-trondro

## Fiantraikan'ny fihenan'ny vokatra zana-trondro eo amin'ny toe-karen'ny fianakaviana mpamokatra

*Anisan'ireo loharanom-bola tena mamelona ny tokantrano mpamokatra zana-trondro ny famokarana sy fivarotana zana-trondro, indrindra amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra. Misy fiantraikany lehibe amin'ny fidiram-bolan'izy ireo araka izany ny fahafatesan'ny zana-trondro.*

Raha ny antontanisan'ny tetikasa PADM-Composante A (faritra Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Itasy sy Vakinankaratra) no iaingana dia azo vinavinaina fa nihena 3 000 isaky ny mpamokatra ny zana-trondro vokatra ho an'ny taom-pamokarana 2021-2022 mitaha amin'ny taom-pamokarana teo aloha, izany hoe very 550 000 Ariary ny tokantrano tsirairay (raha 181 Ariary no nivarotana ny zana-trondro iray nandritra ny fotoam-pamokarana 2020-2021).

Ankoatra ny fiantraikany mivantana amin'ny fidiram-bolan'ny mpamokatra zana-trondro dia miantefa amin'ny fidiram-bolan'ny mpanatavy ihany koa ny fihenan'ny vokatra zana-trondro. Araka ny lalàn'ny tolotra sy ny tinady mantsy dia miakatra ny vidin'ny zana-trondro rehefa kely ny vokatra azo vidina. Tsapa araka izany ny fiakaran'ny vidin'ny zana-trondro nandritra ny taom-pamokarana telo farany nifandimby : 140 Ariary ny salam-bidin'ny zana-trondro iray tamin'ny taom-pamokarana 2019-2020, 181 Ariary tamin'ny 2020-2021, ary 230 Ariary tamin'ny 2021-2022. Nampihena ny isan'ny zana-trondro novidin'ireo mpanatavy izay ambany fahefa-mividy izany ary tsy nahafahan'ny sasany niompy.

| Isan'ny zana-trondro | 1 | 4 | 100 | 1000 | 3000 | 8000 |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Sanda |  |  |  |  |  |  |
| | Mofo gasy iray | Vary iray kapoaka | Akoho iray | Bisikileta iray | Kisoa iray | Omby iray |
| ©APDRA 2022 | | | | | | |

*Fanehoana ny sandan'ny fatiantoka ara-materialy araka ny isan'ny zana-trondro tsy azo tamin'ny famokarana*

### Vakinankaratra

## Atsaraina amin'ny alàlan'ny fitantanana ny fiompiana ny fahavelomanʼny zana-karpa

*Mpiompy trondro efatra matihanina ao amin'ny faritra Vakinankaratra no mizara ny traikefany amin'ny lafin'ny fanatsarana ny fahavelomanʼny zana-trondro. Miompana amin'ny tekinika sy ny fitantanana ny fiompiana ny vahaolana nodinihina.*

Mba ahazoana miandrandra fahavelomana tsara dia notsindrin'ireo mpiompy trondro efatra nifampiresahana ny mahazava-dehibe ny famindrana olitra ao amin'ny toeram-pitaizana andro vitsivitsy aorian'ny fahafoizana. Kely mantsy ny velaran'ny toeram-panatodizana ary tsy ahafahana mamahana ny olitra araka ny fitombony ny sakafo voajanahary (zava-maniry sy biby faran'izay madinika) misy ao.

*« Tsy namindra zana-trondro aho tany aloha, tsy niova firy tamin'izay ny fahavelomana. Ankehitriny aho manana tanimbary enina famindrako ny zana-trondroko raha vao afaka 2 herinandro. Ajanoko ao ireo mandrapahafenony 45 andro. »* Randriamboahangy Gilbert, Andranomainty, kaominina Antanambao Ambary, distrikan'i Mandoto.

*« Aorian'ny fahafoizana, ajanoko 3 ka hatramin'ny 5 andro monja ao an-dobo fanatodizana ireo olitra avy amin'ny renintrondro karpa iray milanja tokony ho 1,5 kg. Afindrako ao anaty tanimbary mirefy 30 ara, voakarakara sy voaketsa mialoha avy eo. Fantsona kely vita amin'ny PVC sy lamba voatokana no amindrako ireo olitra avy ao amin'ny dobo fanatodizana. Hisamborana olitra ny lamba mba tsy hampitontona azy mafy ao an-tanimbary. »* Rabemanantsoa Henri, Antsongombato, fokontany Andriamasoandro, distrikan'i Betafo.

*« Tena ilaina ny mamindra ny olitra aorian'ny fanetsana, hialàna amin'ny rano feno fotaka izay mety hahafaty ny ankamaroan'ny olitra. 15 andro aorian'ny fanetsana no fanaovako ny*



Rabemanantsoa Henri manoloana ny tanimbary iray noritina

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny fahaveloman'ny zana-trondro

*famindrana olitra. »* Rakotomalala Alfred, Tsarafaritra, kaominina Antanambao Ambary, distrikan'i Mandoto.

Tanimbary voakarakara (asa, hosy, fanapariahana zezika fototra, fandritana, sns.) sy voaketsa mialoha araka izany no amindrana ny olitra. Araka ny maha-be velarana sy maha-ampy rano ireo tanimbary famindrana ireo no mahatsara ny fahaveloman'ny zana-trondro. Marihina fa iray andro mialoha




*Famindrana zana-trondro anaty lamba voatokana amin'ny alàlan'ny fampiasana fantsona kely vita amin'ny PVC*

raha kely indrindra no andritan'ireo mpiompy trondro ireo ny tanimbary mba hamonoana ireo bibikely fahavalon'ny atody, olitra ary zana-trondro.

Miankina amin'ny fisian'ny loharanon-tsakafo ihany koa ny fahombiazan'ny fitaizana sy ny fahaveloman'ny zana-trondro. Mitondra fanamasahana organika (fototra sy fikojakojana) hisian'ny famokarana sakafo voajanahary ao an-tanimbary izay fototry ny famahanana olitra sy zana-trondro, ireo mpiompy efatra nohadihadiana. Omen'izy ireo tamenak'atody ihany koa ny soherina mandritra ny andro vitsivitsy aorian'ny fisokafan'ny vavany, hanatsarana ny fahavelomana amin'io fotoana io. Aorian'izay dia mamahana amin'ny fomba samihafa izy ireo :

*« Tsy ahazoana fahavelomana tsara raha ny sakafo entin-tanana fotsiny, ilaina ny sakafo voajanahary. Zezika 4 sarety no ataoko amin'ny velarana mirefy 10 ara izay amindrako olitra avy amin'ny renintrondro milanja 1,5 kg avy eo. »* Razafimahatratra Jean-Noël, fokontany Miantsoarivo, kaominina ambanivohitra Mandritsara, distrikan'i Betafo.

*« Mahazatra ahy ny mikarakara lafarinina noranoina hamahanako ny zana-trondroko, herinandro aorian'ny fahafoizana hatramin'ny 2 volana. »* R. Alfred

### Matsiatra Ambony

# Ampifanarahana amin'ny zava-misy ny isan'ny renintrondro mba hampiakarana ny isan'ny zana-trondro vokatra

*Randrianantenaina Maurice Jean Fidèle, antsoina hoe « Randriana », dia monina ao Ambalamanenjana, fokontany Volafotsy, kaominina ambanivohitra Ambinanindovoka, ary mamokatra karpa. Miezaka manatsara ny kalitao sy ny fatran'ny vokatra izy amin'ny dingan'ny famokarana rehetra.*

**FMT : Inona no nanosika anao hamokatra trondro ?**

**Randriana :** Ahafahana mampidi-bola ny fiompiana trondro ary mahavonjy amin'ny filàna maika. Loharanom-bola manan-danja io, ahafahana manorina trano mihitsy aza !

**FMT : Tantarao anay àry ny famokaranao zana-trondro**

**Randriana :** Mitovy amin'ny asa rehetra ny fiompiana trondro, mila manaraka fiofanana aloha ary mampihatra ny fahalalana azo avy eo. Kely ny vokatra voalohany kanefa mahafaly dia tohizana ny fanatsarana amin'ny firesahana amin'ireo tekinisianina sy ny mpamokatra zana-trondro hafa. Azoko lazaina fa mihatsara isan-taona ny famokarako zana-trondro. Ny 2019-2020 aho no nanomboka namokatra tamin'ny renintrondro iray, zana-trondro miisa 1 850 no azoko tamin'ny velaran-tany famindràna mirefy 6 ara. Tamenak'atody efatra fotsiny no nomeko tany am-boalohany, narahina tain'omby tokony ho 4 kitapo natao fanamasahana. Nandritra ny taom-pamokarana 2020-2021, renintrondro 3 no nampiasaiko tamin'ny velarana mirefy 12 ara. Tsy nijanona tamin'ny fanomezana tamenak'atody sivy aho fa nitondra sozà sy katsaka, voalaza fa mitondra proteina betsaka ho an'ny zana-trondro, sy tain'omby 10 kitapo hanaovana fanamasahana mialoha, ihany koa. Zana-trondro miisa 18 000 no azoko, izany hoe zana-trondro 6 000 isan-dreniny eo ho eo. Ho an'ny taom-pamokarana 2021-2022, nahatonga ahy hampihena ny isan'ny renintrondro ampiasaina ny dinika niarahana tamin'ireo mpamokatra hafa satria mahazo aina kokoa ny zana-trondro rehefa vitsy ao anaty toerana malalaka. Renintrondro 2 araka izany no nampiasaiko tamin'ny velarana mirefy 12 ara ka zana-trondro 20 000 no azoko taorian'ny 50 andro saingy tsy voatahiriko izany.




*Manamasaka ny tanimbary famokarany zana-trondro Randriana*

# LOHAHEVITRA : Atsaraina ny fahavelomanʼny zana-trondro

**FMT : Inona no olana nosedrainao ?**

**Randriana :** Mihatsara ny fifehezako ny tekinika fa ny tondra-drano no tena namely anay taty aminʼny faritra Matsiatra Ambony. Izany no niteraka fahaverezana zana-trondro betsaka izay tokony ho namidy sy nompiana. Zana-trondro 6 000 monja no namidiko. Izaho moa dia mpikambana ao aminʼny vondrona mpiompy trondro iray ary eo am-pitadiavana vahaolana aminʼizany izahay.

### Amoronʼi Mania

## Vokatra zana-trondro betsaka nohonʼny fanalalahana tatatra fierena sy fitondrana votry

*Namokatra zana-trondro betsaka Razanakiarivo Mario Anselme ao Antananomby, kaominina Fiadanana, distrikanʼi Fandriana, vokatry ny paikady nampiasainy manoloana ny tsy fahampianʼny rano.*

« Hatraminʼny taona 2019 nanombohako namokatra dia kely hatrany ny zana-trondro azoko. Ny olanʼny tsy fahampian-drano no tena nahatonga izany. Tsy kivy anefa aho, namporisika ahy hitady hatrany paikady hanatsarana ny fiompiako izany. Ho anʼny taom-pamokarana 2021-2022, tanimbary mirefy 26 ara no nampiasaiko nanapariahana zana-trondro avy aminʼny renintrondro roa milanja 2,25 sy 4,5 kg avy. Nohajariako tatatra fierena teo afovoany ka 2 m ny sakany, 30 m ny halavany ary 1,40 m ny halaliny.

Na teo aza ny olanʼny tsy fahampian-drano nandritra ny taom-pamokarana dia nahavokatra zana-trondro 64 000 aho. Nivelona iray volana tao an-tanimbary ny zana-trondro, ary nandritra ny 3 volana farany, maina tanteraka ny tanimbary ka voatery tao anaty tatatra fierena sisa no niainany. Naharitra efa-bolana ny fotoam-piompiana satria tsy nivarotra zana-trondro aho raha tsy taminʼny volana janoary raha taminʼny septambra ny fampanatodizana. Lava ny fotoam-pamokarana vokatry ny tsy fahampian-drano tany aminʼny mpanatavy, mpividy ny zana-trondronay. Tiako ny manamarika fa vokatry ny fanalalahako ny tatatra fierena no nahazoako zana-trondro.

Nandritra ny volana voalohany no nanamasahako in-telo isan-kerinandro ny tanimbary rehetra izay mbola nisy rano. Najanoko izany rehefa tsy nisy rano afa-tsy tao anaty tatatra fierena, mba tsy ho fatinʼny tsy fisiana oksizena ny zana-trondro. Nitondra votry aho avy eo : io no lasa fototry ny famahanana zana-trondro, tokony ho 2 sarety (votry miaraka aminʼny tranony) no laniny nandritra ny 3 volana. Tsapako fa nanatsara ny fahavelomany izany, azo antoka satria sakafo be proteina. Ankoatra izay, tsy vidina io fa fotoana kely fotsiny no ilaina hakana azy any an-tsaha. Nanome fanampin-tsakafo toy ny sozà, katsaka sy apombom-bary ihany koa aho rehefa misy. »




*Razanakiarivo Mario mamahana votry ny zana-trondro*

## Vokatry ny andrana mikasika ny famahanana zana-trondro nandritra ny taom-pamokarana 2019-2021

*Tanjonʼny fanandramana natao nandritra ny taom-pamokarana 2019 sy 2020 ny hamaritana raha ahafahana mampiakatra ny taham-pahavelomana sy/na ny fitombonʼny zana-trondro ny fitondrana sakafo.*


Tantsaha mpiompy trondro miisa telopolo no nametrahana ny andrana, nandritra ny fotoam-pamokarana roa mifanesy (2019-2020 sy 2020-2021). Nahitana valam-pamokarana miisa 3 tokony ho 5 ara avy ny tantsaha mpiompy trondro tsirairay nandray ny andrana. Samy nitondrana fanamasahana organika mitovy avy ireo vala 3 ireo, samy hafa kosa avy eo ny fomba namahanana ny zana-trondro : nomena praovandy nataon-tanana (katsaka + sozà) ny tao aminʼny vala voalohany ; nomena praovandy vidiana ny tao aminʼny vala faharoa ; tsy nifahana kosa ny tao aminʼny vala fahatelo. Renintrondro karpa telo manana salan-danja velona 1,8 kg no nampiasaina ary nafindra tao aminʼny vala tsirairay nandritra ny 45 andro ny zanaky ny renintrondro tsirairay.

Ny vokatra azo no naneho fa ny fitondrana sakafo dia mampiakatra ny isanʼny zana-trondro vokatra, sy ny

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny fahavelomanʼny zana-trondro

fahavelomana araka izany. Tsy misy fahasamihafana kosa anefa ny vokatra azo avy amin'ny karazan-tsakafo namahanana : tsy dia mifanalavitra ny vokatra azo avy amin'ny praovandy vidiana sy ny vokatra azo avy amin'ny praovandy nataon-tanana. Farany, tsy nampiakatra ny refy na ny lanjan'ny zana-trondro ny famahanana.

Matetika ny tsy fisian'ny praovandy amidy sy ny fahalafosany no manosika ny mpiompy trondro hitodika any amin'ny fanomezan-danja ny akora misy eo an-toerana toy ny katsaka sy ny sozà hamahanany ny zana-trondrony. Mora ho an'ireo mpiompy, izay afaka mamokatra izany ihany koa, ny mahazo ireo akora ireo (fisiana sy vidy). Nahafahana nanamarina io paikady io eo amin'ny lafiny fiompiana trondro ny valin'ny fikarohana nataon'ny APDRA. Mety hahafaty antoka anefa ny fividianana sakafo. Mety hijanona ho kely ny isan'ny zana-trondro vokatra nohon'ny fisian'ny fahavalon'ny trondro, ny tsy fahampian-drano na ny olana hafa. Mety tsy hisy tombony azo amin'izay, na hivadika fatiantoka mihitsy aza.





### Atsinanana

# Ny famokaran'ireo toeram-panafoizan'ny tantsaha zana-trondro tilapia

*Nahitana fivoarana ny famokarana zana-trondro ataon'ireo mpiompy trondro tohanan'ny APDRA any amin'ny faritra Atsinanana tao anatin'ny taona vitsivitsy. Ny fampiharan'ireo mpiompy trondro ireo ny tekinikam-pamokarana no tena nahatonga izany.*

Hatramin'ny taona 2018 no nanofanan'ny APDRA ny mpiompy trondro amin'ny famokarana zanaka tilapia (*Oreochromis niloticus*) mba hampahaleo tena azy ireo. Ny fampanatodizana renintrondro 45 ampiarahana amin'ny raintrondro 15 anaty dobo mirefy iray ara no tekinika voizina eny anivon'ny tantsaha. Iray volana aorian'izay ny fakàna ny zana-trondro ka anaovana ny fanisana sy ny fanavahana. Amin'io fotoana io no ivarotana azy ireo na ampidirana azy indray hohatavizina mialohan'ny fiompiana an-dobo barazy. Mifanaraka amin'ny fomba fiompian'ny tantsaha io tekinika io satria tsy mandany fotoana. Nihatsara ny vokatra ny taona 2018 hatramin'ny 2021 satria nampiharin'ireo mpiompy trondro tsikelikely ny tekinikam-pamokarana ary nomeny lanja hanaovana toeram-pamokarana sy fitaizana zana-trondro ny dobo fikarakarana, ny tanimbary sy ny lavaka.

Asehon'ny kisary etsy ankilany fa tsy mitsaha-mitombo ny vokatra azo isan-taona hatramin'ny taona 2017. Antontan'isa hatramin'io taona io no voarakitra ankehitriny. Tena ambany ireo mitaha amin'ny zava-misy satria maro ny antontan'isa tsy tonga aty aminay (tsy fisian'ny taratasy fanjohiana, fanaovana ny karpa ho loha-laharana).




*Fivoaran'ny famokarana zana-trondro tilapia ao amin'ny faritra Atsinanana*

# LOHAHEVITRA : Atsaraina ny fahavelomam'ny zana-trondro

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 54 sy 55

*« Eo am-panatanterahana ny vontoatin'ny gazety aho, efa vonona ny renintrondro hanaovana fampanatodizana afara. Manoro hevitra ara-tekinika ahy ny gazety fa ny famahanana no mbola mila arahiko tsara. »* Randrianirina Manandraibe François (Ankijandrano, Iharanany Andrefana, Matsiatra Ambony)

*« Efa nampihatra ny fanemorana fampanatodizana tamin'ny renintrondro iray aho saingy tsy nisy vokany. Mety tsy voafehy ny tekinika, ity gazety ity no inoako fa hanampy ahy bebe kokoa. »* Randrianirina François Xavier (Sariana, Alakamisy Ambohimaha, Matsiatra Ambony)

*« Ny volana novambra izany no tena mety amin'ny fampanatodizana afara ? Tena namely anay ny fiovaovan'ny toetry ny andro ary nanakana ny fampiharana ny fanemorana fampanatodizana. »* Razanadrakotomalala Régis (Ambalamanenjana Volafotsy Ambinanindovoka, Matsiatra Ambony)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Desambra no fanombohan'ny fampanatodizana afara.

*« Efa nahavita nampihemotra ny fanatodizan'ny renintrondroko aho. Araka ny FMT n° 54 dia azo ampiharina tsara io tekinika io. Tsara io lohahevitra io satria tena manampy ahy amin'ny fanamafisana ny traikefako sy mampahomby kokoa ny tekinika ampiasaiko. »* Rakotoralahy Thomas (Soavina, Ilaka Centre, Amoron'i Mania)

*« Zava-dehibe ny fahafantarana ny olan'ny mpamokatra toa anay. Tiako tsindrina ny olan'ny tsy fahampian-drano satria manomboka mampanahy anay ny fanaovana ireo asa famokarana hafa. Tsaroako ny fanentanana ireo mpisehatra samihafa eo amin'ny rojom-pihariana nataon'ny APDRA. »* Rakotoarisoa Joseph (Ambohitromby, Vinany, Vakinankaratra)

*« Mampiraviravy tanana anay ny fisian'ireo mpangalatra eto Tatamolava. Aty aminay, olana ny fahafantarana ireo mpangalatra satria na tratra aza izy ireo dia mbola hitanay miriaria eny ihany. Mampanontany tena anay raha misy lalàna mifandraika amin'izany ny seham-pihariana trondro. Nahafaly ahy ny fijoroana vavolombelona nataon'Andriamatoa Donné tao amin'ny kaominina Mahazoarivo, maniry ny hisian'ny fanentanana mikasika ny lalàna mifehy ny halatra aty aminay koa anefa izahay. »* Joachim (Anivosaha Ankazomiriotra, Vakinankaratra)

## NY METY HO TOETRY NY ANDRO

*Natambatray ny vinavinan'ny toetry ny andro ho an'ny volana janoary, febroary sy martsa 2023 any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA.*

**Vinavinan'ny rotsak'orana (fatran'ny orana latsaka) isam-paritra**
**Fatra voarefy amin'ny milimetatra (mm)**


| Faritra | Janoary 2023 | Febroary 2023 | Martsa 2023 |
|---|---|---|---|
| **Atsinanana** | Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 260 sy 307 mm | Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 345 sy 403 mm | Avaratra : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 287 sy 301 mm<br>Atsimo : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 301 sy 395 mm |
| **Analamanga** | Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 305 sy 342 mm | Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 299 sy 312 mm | Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 152 sy 170 mm |
| **Itasy** | Atsinanana : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 290 sy 345 mm<br>Andrefana : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 345 sy 392 mm | Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 297 sy 332 mm | Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 205 sy 245 mm |
| **Vakinankaratra** | Atsinanana : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 303 sy 354 mm<br>Andrefana : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 354 sy 389 mm | Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 265 sy 313 mm | Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 176 sy 213 mm |
| **Amoron'i Mania** | Atsinanana : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 303 sy 354 mm<br>Andrefana : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 354 sy 389 mm | Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 282 sy 307 mm | Avaratra : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 185 sy 224 mm<br>Atsimo-Andrefana : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 224 sy 274 mm |
| **Matsiatra Ambony** | Atsinanana : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 257 sy 283 mm<br>Andrefana : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 283 sy 330 mm | Atsinanana : Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 243 sy 268 mm<br>Andrefana : Mitovy na Ambany noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 205 sy 243 mm | Mitovy na Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana<br>Eo anelanelan'ny 174 sy 209 mm |

**Vinavinan'ny maripana :** Ny janoary sy febroary 2023, antonony na hafana kokoa ny maripana voavinavina any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA. Hafana kokoa mitaha amin'ny antonony ny maripana voavinavina ho an'ny volana martsa 2023.

# SAMIHAFA

## RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




1. Fitondrana zavatra avy amin'ny toerana iray ho amin'ny toerana hafa
2. Fiantsoana ny zana-trondro 2 - 4 andro taorian'ny fahafoizana
3. Fiantsoana ny trondro mbola kely
4. Asa tanterahina mba hitondra vokatra
5. Atao ho amin'ny tsara kokoa
6. Fanomezana sakafo ny biby fiompy
7. Atao ho lehibe kokoa mba tsy ho tery

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 55***

*1. Rojo*
*2. Miasa*
*3. Fihariana*
*4. Miaraka*
*5. Trondro*
*6. Mpisehatra*
*7. Fiompiana*




## Trondro amin'ny mangahazo

***Fangaro :***

*Mangahazo vodiny 1 na 2*
*Tsaramaso lena 1 kapoaka*
*Trondro 250 g*
*Voatabia, poarao*
*Menaka 2 sotro fihinanana*
*Sira*

***Fikarakarana***

1. Masahana ny mangahazo ary ariana ny rano nanamasahana azy rehefa avy nangotraka
2. Masahana miaraka ny mangahazo sy ny tsaramaso
3. Manao saosy amin'ny voatabia, poarao sy menaka
4. Arotsaka ao ny trondro mialohan'ny handrotsahana ny fangaro rehetra ao anaty vilany misy ny mangahazo sy ny tsaramaso
5. Afangaro ary avela ho masaka miaraka amin'ny saosy kely sy ny sira

Mazotoa homana ô !

*Source : Recette de l'Office Régional de la Nutrition Itasy*


https://www.freepng.fr


https://www.freepng.fr

*Trondro amin'ny mangahazo*


APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org



*Talen'ny Famoahana*

Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*

Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*

Casimir Andrianantenaina
Herilalao José Andriarimalala
Abel Josaia Njararison
Josia Ramananjaona
Tolojanahary Razafindrakoto
Donatien Razafindratsiry
Cassidy Tiambahoaka